# FAMBOLENA MIARO
# NY TONTOLO IAINANA

## Afovoan-tany sy Afovoany andrefana

### Legiominezy fanao fefy velona sy zezi-maintso





- Hanaovana komposta sy hanatsarana ny zezika
- Hanatsarana ny sakafon'omby
- Hiarovana ny tany tsy ho kahon'ny riaka
- Hahazoana kitay





- Zezi-maintso mba hampitomboana ny vokatra

# Ireo Legiominezy fanao fefy velona sy zezika maitso Anivon-tany sy Afovoany andrefana

| Fomba mahazatra | Olana | Vahaolana |
| --- | --- | --- |










**Maro ireo tombontsoa azo avy amin'ny legiominezy fanao fefy velona :**

- ✓ Maniry amin'ny tany ratsy
- ✓ Atao komposta sy lafik'omby ahazoana zezi-pahitra
- ✓ Atao zezika maitso ho an'ny fambolena
- ✓ Misy karazany azo omena ny omby
- ✓ Ahazoana kitay
- ✓ Atao fefy velona miaro ny nofon-tany tsy hokaohan'ny riaka

Ny legiominezy dia manome azota ny tany avy amin'ny alalan'ny kambo-pakany





Crotalaire aorian'ny voly fihinana (zezika maitso)



Fefy velona Tephrosia

# 1 Fampiasàna ny legiominezy atao zezika maitso

**Tanjona**

**Mamboly legiominezy atao zezika maitso ao anaty voly fihinana ho fanatsaràna ny tany sy ho fanomanana ny fambolena manaraka**

## Ahoana ny anaovana azy ?

Volena ny legiominezy ao anaty voly fihinana :

- aorian'ny fiavàna
- eo anelanelan'ny 15 desambra sy 15 janoary
- atao eo anelanelan'ny voly fihinana
- 30 x 30 cm, 2-3 voa isak'ny lavaka

Avaina raha ilaina, tandremana mba tsy hamono ny fefy velona legiominezy

Aorian'ny fiotazana ny voly fihinana dia avela eo an-tanimboly ny legiominezy

Alohan'ny fambolena manaraka dia tokony alevina ny zezika maitso eo am-piasàna ny tany, atao aloha mba ho lo (1 - 2 volana alohan'ny fambolena)

## Fitandremana sy fetra

Tandremo ny fidiran'ny omby ao anaty tanimboly indrindra ho an'ny: cajanus, sesbania, tephrosia. Ampiasaina ny crotalaire (tsy hohanin'ny omby) any amin'ny toerana tsy voaaro

Tokony hamokatra masomboly legiominezy (anaty tanimboly na eny amin'ny sisiny fefy velona) hampiasaina amin'ny taona manaraka

Alevina ny zezika maitso alohan'ny fihintsanan'ny ravina (eo amin'ny famelanana)

Tsy manelingelina ny voly fihinana ny legiominezy satria maniry miadana. Tsy manatsara ny vokatry ny voly fihinana miaraka aminy ny legiominezy, fa kosa manatsara ny tany ho an'ny taona manaraka

## Fifidianana ny legiominezy

- Crotalaire : tsy hanin'ny omby, maniry amin'ny tany ratsy, tena mety eny anivon-tany
- Tephrosia : tsy hanin'ny omby afa-tsy ny tanora
- Sesbania : hanin'ny omby
- Cajanus : hanin'ny omby, azo hanin'ny olona ny voany

Tsara ho an'ny afovoany andrefana fa maniry eo anivon-tany



Crotalaire (110 g / 100 m)



Tephrosia (75 kg / 100 m)



Cajanus (220 g / 100 m)



Sesbania (10 g / 100 m)


Matetika no ahitàna ireo legiominezy fanao fefy velona ireo eny amintsika eny. Azo atao tsara ny maka masomboly amin'ireny

# 1 Kalendrie

Nov.

Fambolena voly fihinana






Des.

Fambolena legiominezy

Janv.





Feb.

Mars

Malaky fanirin'ny voly fihinana mihoatry ny legiominezy


April






Fiotazana ny voly fihinana

May







Jona

Tandremo ny fidiran'ny omby (afa-tsy ny crotalaire sy ny tephrosia izay tsy hanin'ny omby)

Jolay

Aog.

Mandrakotra ny tany ny legiominezy aorian'ny fiotazana ny voly fihinana





Sept.

Kapaina eo amin'ny fotony ny legiominezy, dia alevina eo am-piasàna ny tany

Okt.

Nov.

Fambolena voly fihinana manaraka

Des.





# 2 Fefy velona manana anjara asa maromaro

**Tanjona**

**Volena legiominezy fanao fefy velona ny sisin'ny tanimboly mba hamokatra vilona, komposta, kitay ary hiaro amin'ny fikaohan'ny riaka.**

## Ahoana no anaovana azy ?

Volena ny fefy velona :

- aloha arak'izay azo atao
- janoary – 15 febroary fara-fahatarany
- atao mahitsy tora-tady (10 x 10 cm)
- 2-3 voa isaky ny lavaka
- mahazo mampiasa legiominezy 2 samy hafa
- hanaovana 100 metatra: 200 g crotalaire + 200 g tephrosia

Azo volena lavalava ravina ho an'ny omby (brachiaria, kizozi, relaza na banagrass) miaraka aminy :

- isan-davaka na botiry 20 x 20 cm
- eo ambanin'ny legiominezy

Mba hiarovana amin'ny fikaohan'ny riaka dia volena mifanohitra amin'ny fandrin'ny tany ny fefy velona.

## Fitandremana sy fetra


Karakaraina ny fefy velona (fanetezana) mba tsy hanaloka ny voly fihinana sy hamokatra rakotra betsaka

Fanetezana alohan'ny famoazana mba ialàna amin'ny fiparitahana anaty tanimboly

Tsy tapahina ambany loatra mba ahazoana solofo

Manajanona fototra vitsivitsy ary tifirina fanafody ny felany mba ahazoana masomboly

Fotoana fampiasàna azy : amin'ny verim-boly sy voly avotra (komposta, vilon'omby)






Fambolena



Fitomboana



Fitomboana



Fampiasàna

Eo amin'ny tantsaha eto anivon-tany manana tanimboly mirefy 1 ha eo ho eo dia afaka mamboly fara-fahakeliny fefy velona 1000 metatra. Ny vokatra azo eo dia mitovy amin'ny vokatra azo amin'ny tanimboly legiominezy mirefy 3 - 6 ara sy vilona ho an'ny omby 3 - 6 ara

# Legiominezy fanao fefy velona sy zezi-maintso













SDmad Semis Direct de Madagascar

BRL

CENTRE FAFIALA